TSY ARITRA IFAMPITAIZANA

Roa fiomanana !

Mpifaninana 36 no indray handray ny fiaingana amina hazakazaka 30 andro. Efa vitan'ny fanangonana ireo atontan-taratasy filatsahan-kofidiana marobe hatreto ny **« iray maka bahana ! »** adikam-bazaha **« à vos marques ! »**. Ankehitriny, efa eo amin'ilay dingan'ny **« roa fiomanana ! »** na ny **« prêts ! »** izy ireo Tapa-bolana eo ho eo sisa dia higadona ny **« telo dia lasa »** -n'ny 08 Oktobra. Toa tsy mahandry ilay baiko fahatelo **« partez ! »** izay anefa ny sasany fa nandika avy hatrany ilay hoe 'prêts » ho **« pré-……. campagne »**.

Tsy mandika lalàna velively rahateo hoe izy ireo ka dia mifaninana mitety tany sy mitati-teny hoenti-mambabo sahady ny mpitazana. Raha mbola tsy aloaky ny vavany (saingy re manjavozavo anaty kabary ihany) ny **« fidio aho ! »** ; efa mazava kosa, no tsy voarara mihitsy, ny hoe **« fadio Ranona ! »**. Tsy mety tafita ny lesona efa naverimberin'ny **« tsy aritra »** hampahatsiahivana ny efa fantatr'izy ireny fa tsy ny haratsian'ny hafa fitanisanao no adika avy hatrany ho hatsaranao. Ilay finiavana hanaratsy rahateo dia efa haratsiana. Tsy mety eken'ny sainy ny hampiharihary sy hampibaribary ny hatsarany. Izy sy ny heviny haeliny atsy ho atsy. Izy sy ny fandaharan'asany efa arangarangany ankehitriny. Izy sy ireo mpanohana azy ampoizina ho mpiara-miasa hatoky azy rahatrizay hahazo fandresena.

Fa misy koa ny toa tsy re feo mihitsy. **« Hendry mody voky »** ve sa paikady mitsitsy vovok'aina ho amin'ilay dingana famaranana amin'ny andro faha-31-n'ny 07 Novambra ? Asà fa amina resa-politika mety tsy ho marina hatrany ny hoe **« izay mangina volamena »** manoloana mpifidy marivo salosana toa mihirahira hoe « izay ho ampiana… vola homena ! » .

Hervé RAKOTOZANANY

CDA TETIKASA PBG / AIC

Fifaninanana fananganana tetikasa

« … Tsy manao fotsiny ny asan'ny fiara-hamonim-pirenena ny CDA, izany hoe ny manohana ny mponina haneho hevitra rahefa misy zava-manahirana azy anivom-piara-ha-monina (interpellation) fa raha mbola misy koa ny azon'ny CDA atao dia tsy maintsy hataony ny fanohanana izay tetikasa sy vina-vinan'asa rehetra avy amin'ny mponina… Io ilay antsoina hoe Appui aux Initiatives Communautaires (AIC) …». Izay no isan'ny nambaran'ny Tale Mpanatanteraky ny CDA, andriamatoa Daniel Anaclet, nandritra ny fotoam-panolorana loka ho an'ireo fikambanana telo voalohany tamina fifaninanana **« fananganana tetikasa »**, ny zoma 31 Aogositra lasa teo teny Andohatapenaka.

Fikambanana 07 tamina fikambanana 11 anatin'ireo fokontany sivy iarahan'ny CDA miasa anatin'ny boriborintany I sy IV (Kaominina Antananarivo Renivohitra) ary ny Kaominina Ambanivohitra Bemasoandro Itaosy no nifaninana tamin'izany ho fampiharana ny fiofanana **« fananganana tetikasa »**. Fandaharan'asa iray anatin'ny tetikasa PBG (Tetikasa ho an'ny Fitondrana tsara tantana eny ifotony) ity hoe **« Fanohanana tetika-sam-piaraha-monina »** ity, izay nitakiana ihany koa ny fandraisana anjaran'ny mponina mivantana araka ny nomarihin'ireo mpitsara ny fifaninanana sy nambaran-dramatoa RAZAFIARIVELO Véronique, lehiben'ny sampan'asa PBG ao amin'ny CDA. **« … Tsy miankin-doha firy amin'ny tohana ny fikambanana nandray anjara fa anisan'ny hery lehibe nentin'izy ireo ny mampandray andraikitra ny mponina araka ny fana-beazana izay norantovina nandritra ny roa volana dia ny manabe ny olom-pirenena ho tompon'antoka amin'ny asam-pampan-drosoana rehetra eo anivon'ny fokontany »**.

Laharana voalohany tamin'ny fifani-nanana tamin'ity taona ity ny Fikambanana **« RF2 Liam-pivoarana »** avy ao amin'ny Fokontany Andavamamba Anjezika II, ka nahazo vola 6 tapi-trisa Ariary hoenti-manangana foto-drafitr'asa **« paompin-drano madio »**. 5 tapitrisa Ariary kosa no azon'ny Fikambanana **« EZAKA »** ao amin'ny Fokontany Andohatapenaka III, nahazo ny laharana faharoa tamin'ny alalan'ny tetikasa **« famat-siana herinaratra avy amin'ny angovo azo havaozina ao amin'ny tanàna kelin'An-dranoambo. Tetikasa « fanat-sarana lalan-kely »** kosa no nahazoan'ny laharana fahatelo vola 4 tapitrisa ariary dia ny Fikambanana **« MITSIMBINA »** mbola ao amin'ny Fokontany Andohatapenaka III ihany .

Alpha-star

Narafitra ny tetikasa...
notohanana tam-pahibemaso...
vao nivadika ho fandresena

CDA TETIKASA PBG / AIC

Hoy izy ireo :

« Tetikasa fananganana paompin-drano fisotro madio no nahazoanay ny laharana voalohany. Faritra maro eto amin'ny firenena no tsy misitraka rano fisotro madio ka anisan'izany ny Secteur na Faritra faha-efatra, izay faritra be velarana indrindra (108.600 m2) sady be mponina indrindra (2.175) ao amin'ny fokontany misy anay. Raha tsy mahafoy fotoana amin'ny filaharana lavareny ny amin'ny paompin-drano madio anefa ny mponina ao dia saika maka rano eny an-tanimbary hany ka mihanaka ny valan'aretina avy amin'ny fisotroana rano tsy azo antoka… » hoy ramatoa Jonastine, mpitarika ny Fikambanana **« RF2 Liam-pivoarana »** - Andavamamba Anjezika II.

Olana ara-pamatsian-drano fisotro madio izay iraisan'ny faritra maro, sokajiana ho **« faritra iva »**, saika ivelaran'ireo fokontany sivy miara-miasa amin'ny CDA toy izay mbola nohamafisin'andriamatoa François avy amin'ny fikam-banana **« LOVA FIARENANA »** - Fokontany Andohatapenaka II. **« …Ny nahatonga ny fikamba-nanay handray anjara tamin'ny fifaninanana tetikasa dia ny fahatsiarovana ny fahorian'ny mponina teny aminay fahiny, tsy nisy rano fisotro madio. Ny tsapako anefa dia tena liam-pan-drosoana sy liam-pivoarana tokoa raha ny mponina eny aminay… »**.

Ireo mpikambana rehetra nanaraka ny fiofanana **« fanan-ganana tetikasa »** dia samy naneho sy nizara ny fiovana tsapany teo aminy sy ny faritra onenany. Isan'izany ramatoa Fanjaniriana, avy amin'ny fikambanana **« MITSINJO »** - fokontany Andohatapenaka II - izay nanambara fa nahazo fahalalana ny amin'ny **« … fomba fandraisana fanapahan-ke-vitra tsy maintsy hakana ny hevitry ny mponina mialoha sy ny fomba fandresen-dahatra ireo mponina ireo handray anjara amin'ny tetikasa hoen-ti-mampandroso ny faritra iara-ha-monina »**. Ho an'i Francis avy amin'ny fikambanana **« EZAKA »** aza dia nisongadina tokoa ny fiovana teo amin'ny tenany taorian'ny nanarahana ny fiofanana : **« …niainako mihitsy ilay formation teto amin'ny CDA hany ka niova hatramin'ny toe-tsaiko, indrindra nampia-narina anay hatramin'ny fomba fanao rahefa miditra birao sy ny zavatra be dia be »** .

Ikotofils

Teo anatrehan'ny vondron'ny mpitsara sy ny tompon' andraikitry ny fandaharan'asa no nifaninanan'ny rehetra.

CDA TETIKASA PBG

Fiofanana ho an'ny raharaham-pifidianana



Tsy vao sambany no nandrai-san'ireo mpikamban'ny **« Cellule de veille »** anivon'ireo fokontany sivy miara-miasa amin'ny CDA anjara tamin'ny raharaham-pifi-dianana raha tsy hampahatsiahy afa-tsy ny naha-mpikambana feno azy ireo tanatin'ny firohotanana na Consortium **« Mahitsy fijery »** tamin'ny fifidianana filoham-pirenena sy solomba-vam-bahoaka farany ny taona 2013. Nilaina anefa ny fanama-fisana izany traikefa izany sady ho fampanarahana rahateo ny fahalalana hifandraika amin'ny toe-draharaham-pirenena ankehitriny koa dia novo-rian'ny tompon'andraikitry ny CDA indray izy ireo hanaraka fiofanana momba izany ny Alakamisy 13 sy ny zoma 14 Septambra lasa teo.

Isan'izay nanterin'ny mpam-piofana tamin'izany fa tsy tokony hihanona amin'ilay andraikitra maha-mpitily anivom-piara-ha-monina fotsiny, araka ny anarany izy ireo, fa ilaina ny hirotsahany amin'ny seha-pa-nentanana ho fanairana sy famohazan-tsaina amam-pije-rin'ny mponina (Cellule d'éveil). Na teo aza anefa izay traikefa efa nananan'izy ireo tany aloha dia toa tena mbola zava-baovao tamin'ny mpiofana maro ny fahalalana ny trangam-pifi-dianana any amina firenen-kafa, nahatarafana ny toe-tsain'ny olona any amin'ireny firenena ireny ho efa lasan-davitra ny amin'ny fiainana ny demokrasia mahatonga ny hoe latsabato ifato-ran'andraikitra (vote responsable). Nambarany izy ireo fa hanampy azy be dia be ihany koa ny tambe-rin'ny tantaram-pifidianana na fitsapan-kevibahoaka nisy teto Madagasikara nandritra izay repoblika efatra nifandimby izay.

Navoitran'ny dinidinka sy adi-hevitra kosa ireo olana madi-nidika nefa tsy azo odian-tsy hita tojo ireo mpanentana ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena amin'ny fandehanana mandatsa-bato. Notsipihin'ny mpampiofana manokana anefa fa **« mpanentana »** izy ireo fa tsy **« mpanao fampie-lezan-kevitra »** velively akory ka mila mitandrina na ekena tokoa fa manana izay fironana politika sy safidin-datsabato aza. Niverimberina nandritra ny fiofanana ihany koa ny hoe **« tsy raharaha politika fotsiny fa raharaham-pirenena hitaonana ny olom-pirenena hanana anjara raharaha ny raharaham-pifi-dianana »**. Ankoatry ny mpam-piofana dia isan'ny nanantitra sy nampirisika ny mbola tokony handraisan'izy ireo anjara mavi-trika amin'izao fifidianana ho avy izao ny tompon'andraikitry ny tetikasa momba ny fitondrana tsara tantana hatreny ifotony ao amin'ny CDA.

Hery ROMEO